Barea an'i Madagasikara

# Misaotra Dupuis, miarahaba Eric Rabesandratana




Eric Rabesandratana no ho mpanazatra vaovaon'ny Barea an'i Madagasikara, hiatrika ny fifanintsanana amin'ny Mondial 2022, araka ny fanapahan-kevitry ny FMF , tamin'ny alalan'ny filohany Arizaka Rabekoto Raoul. Ny ankamaron'ny mpitia baolina kitra dia mankasitraka izay fanendrena izay ary misaotra ny coach Dupuis, noho ny zava-bitany tamin'ny Can 2019 tany Egypta. Nisy ny lesoka tamin'ny fiakarana amin'ny Can andiany manaraka, ka tonga tamin'izao fanalana azy izao, satria mila vokatra ny mpitia baolina kitra Malagasy. Na izany na tsy izany, ankasitrahana ny zava-bitan'ny-mpanazatra Dupuis. Ankoatra izany, efa fantatra tsara, fa tsy hisy fivoarana velively ary tsy hisandratra avo mihitsy ity sehatry ny baolina kitra malagasy ity raha mbola ampidirana resaka politika. Manapotika mihitsy ity sehatr ity izany raha ny tantara sy traikefa hita hatramin'izay. Mbola misy ihany anefa ny toe-tsaina tsy miahotra manao izany amin'izao fotoana izao. Tsikaritra mazava tsara izany tamin'ny adihevitra be tato ho ato momba ny fanalàna ny mpanazatra frantsay Nicolas Dupuis, indrindra tao amin'ny fahitalavitra tsy miankina iray tamin'ny faran'ny herinandro iny. Nanelingelina ny sain'ny maro mpitia baolina kitra ny nambara tao anaty adihevitra. Teo ny fahenoina fa mpanao politika no mitantana ny ligim-paritra iray, izay mazava loatra fa tsy maintsy misy eritreritra politikan'ny antokony hatrany ao ambadika ny fitantanany na tiana na tsy tiana. Tsy maintsy misy akony amin'ireo tanora ao anatin'ny liginy na ivelany izany, ary tsy mampandroso ny baolina kitra velively. Iaraha-mahita tsara izany any amin'ny misy azy. Vao mainka koa nambarany rahateo ny fampidirana ny filohan'ny Repoblika ao anatin'ilay adihevitra sy ny fanakianany ny federasiona. Tsy mahafantatra sy tsy manana ifandraisana amin' ny filoha na ireo mpiaramiasa ao anaty federasiona akory isika eto. Fa tsy eken'ny saina velively dia ny amin'ny resaka filohan'ny Repoblika. N'inona n'inona ambara sy fanazavana iarovan-tena, dia izany filohan'ny Repoblika izany raha vao mandingana ny tokonam-baravaran'ny sehatr'io baolina kitra io izy, dia misy politika hatrany ao ambadik'izay. Fanaony rahateo mihitsy aza izany n'aiza n'aiza alehany hatramin'izay, fa tsy mandehandeha ho azy velively io. Ilay mpiady hevitra mpiara-dia aminy anefa dia tsy niahotra mihitsy tamin'ny fandresen-dahatra ny solontenan'ny federasiona ny tsy tokony handinganana azy amin'ny fanapahan-kevitra tokony horaisina toy izao.

Tena hanao fahadisoana ny federasiona raha mihaino izany. Hampihemotra ny fitiavan'ny Malagasy ny baolina kitra mihitsy aza izany, raha ikirizana tanterahina eto amin'ity firenena ity. Ny baolina kitra Malagasy tsy mila mpanao politika, raha tiana ny hisandratany dia mila mihataka ireo na mandevina ny loko politika tsy hielohelo eo amin'ity sehatra ity, io no anisan'ny olan'ny Dupuis, nijabaka nanao politika, nefa ny nitondra ny Barea no tokony ho andraikiny.

***Radafy***

Fikambanana CBM

# Nanome fitaovana sy fanafody hiatrehan'ny hopitaly Salfa ny covid-19




***Ireo fanomezana avy amin'ny CBM ho an'ny Salfa.***

Natolotry ny fikambanana Cbm (Christoffel Blinde Mission), ho an'ny mpiandraikitra ny Hopitaly Salfa (Sampan'asa Loterana misahana ny fahasalamana), ireo fitaovana ilain'ny toeram-pitsaboana sy ho fiatrehana sy ho fitsaboana ny olona mararin'ny aretina Coronavirus, ao anatin'izany: ireo "Concentrateur d'oxygène"," Oxymètre", "Pulverisateur", ireo akanjo sy fiarovana ampiasain'ny mpiasan'ny fahasalamana, ireo "Eau de Javel", sy ireo fanafody hitsaboana ny aretina toy ny "Vitamine C", "Azytromicyne" sy ny sisa. Nilaza i Dokotera Rasoarimanana Sahondra, Tale Jeneralin'ny Hopitaly Salfa, fa tsy ampy ny fitaovana ho an'ireo toeram-pitsaboana sy ireo "Dispensaire" Salfa eto Madagasikara amin'ny fandraisana antanana ny olona mararin'ny Coronavirus ary hanamora ny fitsaboana hatao ny fanomezana avy amin'ny fikambanana Cbm. Nanohy fanazavana ity tompon'andraikitra ity, fa fanomezana ahafahan'ny mpiasan'ny Hopitaly miaro amin'ny aretina (aro-tanana sy akanjo), miaraka amin' ireo ranom-panafody toy ny "Eau de javel" hampiasain'ireo toeram-pitsaboana hisorohana ny aretina. Hanampy betsaka ny Hopitaly amin'ny tsy fisian' ny fatiantoka ireto fanampiana ireto, satria mianto-tena amin'ny fanodinana ny rahaham-pahasalamana ny Salfa. Nanohy fanazavana ny Tale Jeneralin'ny Hopitaly Salfa, fa 30% an'ireo olona manao fizaham-pahasalamana eny amin'ity toeram-pitsaboana ity dia efa manana soritr'aretina Coronavirus avokoa ary sitrana avokoa ny ankabeazan'ireo olona marary raisin'izy ireo, na koa alefan'ny hopitaly Salfa any amin'ny toeram-pitsaboana mifanandrify amin' izany raha toa ka ahitana trangana fahasarotana. Ny fikambanana iraisampirenena Cbm dia efa nitsangana teto Madagasikara efa ho 40 taona ary nanohana tetik'asa maro toy ny fiahiana an'ireo olona manana fahasembanana, ny tetik'asa Mahery iarahana amin'ny Ministeran'ny fahasalamambahoaka, ny tetikasa Fanabeazana mampiaty iarahana amin'ny fiangonana Fjkm, sy ny Ministeran'ny fanabeazana. Tsiahivina fa miisa 3 ireo toeram-pitsaboana Salfa hisitraka an'ireto fanomezana ireto dia ny Salfa Ambohibao (Antananarivo), ny Salfa Antsirabe, ary ny Salfa Toliara.

***Franck Razakambelo***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy ovy ary patsa indray no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Mampodipody aina izany laoka izany. Tsara raha hasiana lasary voatabia, na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Torohevitra ho fikolokoloana ny fo

Ny fikolokoloana ny fo indray no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Taova iray izay tena saro -pady ny fo, tsara raha atao ampy noho izany ireo otrik'aina hohanina hitsinjovana ny fahasalamany, sy mba hahatomombana azy tsara.

Ireto avy ny otrik'aina sy ireo sakafo tokony hohanina:

-Sakafo manankarena MAGNESIUM toy ny: grain de sésame, gombo, brocoli, épinard,sns... Mineraly tena ilaina entina hikolona ny fo izy io. Mandrisika ihany koa ny famokarana ireo singa mampitony ny fanaintainan'ny hozatra. Misoroka ny fitrangan'ny crises cardiaques ny fitazonana ny tahan'io mineraly iray io amin'ny antonony no sady mandamina ny fahasalamana amin'ny ankapobeny.

Isan'ny otrik'aina tena ilain'ny vatantsika ihany koa ny VITAMINE D sy C, izay tena manana andraikitra amin'ny fikolokoloana ny fo sy ny fahasalamany. Ireto ny sakafo manankarena azy:

VITAMINE D: champignon, trondro matavy, tamenak' atody (gasy), vokatra avy amin'ny ronono, sns...

VITAMINE C: mananasy, brocoli, fraise, goavy, choux, poivron mena sy maitso, sns....

Marihina fa ny masoandro koa dia mitondra VITAMINE D, izany hoe ilaina ny mitaninandro 20 min isanandro, amin'ny tapakandro maraina.

Ny fihinanana TONGOLO GASY ihany koa dia tsara ho an'ny olona manana olana amin'ny fo, satria manamarin -toerana ny tosidrà (régulateur tension artérielle), no sady misoroka ny fivontosan'ny lalan-drà izy, izany hoe manatsara ny fikorinan'ny rà, ka mampihena ny asan'ny fo.

Ny VOATABIA manta ihany koa ny tsara ho an'ny fiasan'ny fo.

Ireo otrik'aina voatanisa ireo dia mampateza fo no sady tsara hoan'ny olona manana olana amin'ny tosidrà (na miakatra na midina), koa mahereza ary mihinana azy betsaka.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Ambohisoa, distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia

Ny tanànan'Ambohisoa, distrikan'i Mandritsara, faritra Sofia indray no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohisoa ity tanàna ity, iray ireo kaominina 22 mandrafitra ny distrikan'i Mandritsara. Any amin'ny faritra atsimo atsinanan'ny faritra Sofia no misy azy. Azo lazaina ho avo toerana ity tanàna ity, satria 315 m ny haavony mihoatra amin'ny ranomasina. Mpamokatra vary Ambohisoa, vokatra any ihany koa ny haninkotrana isan-karazany.

